REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

MINISTERAN'NY ATITANY
SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

TAHIRIM-BOLA FAMPANDROSOANA IFOTONY



OKTOBRA 2015




# FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA
## (Budget Participatif)

Tahirim-bola Fampandrosoana Ifotony
F.D.L.
Fonds de Développement Local

Miara-miasa ho Antoky ny TOe-karena Ifotony
Programme MATOY

Financé par
Schweizerische Eidgenossenschaft
Confédération suisse
Confederazione Svizzera
Confederaziun svizra
Direction du développement et de la coopération DDC

Mise en oeuvre par
HELVETAS MADAGASCAR

# FIZAHAN-TAKELAKA

## 1 FAMPIDIRANA


**1.1.** Tanjon'ny tari-dàlana . . . 9

**1.2.** Ny fomba fampiasana azy . . . 9

**1.3.** Ny votoatiny. . . . 9

**1.3.** Ny nipoirany sy ny fivoarany. . . . 10

**1.4.** Ireo tombotsoa azo amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana. . 10

**1.5.** Ireo soatoavina ifotoran'ny tetibola ifarimbonana . . . 11

**1.6.** ireo mpisehatra amin'ny tetibola ifarimbonana. . . . 11

**1.7.** Ireo voalazan'ny làlàna mahakasika ny tetibola ifarimbonana. . . . 12


## 2 DINGAN'NY FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA


**2.1.** Dingana fanomanana . . . 15

1. Fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka . . . 16
2. Fiaraha-midiniky ny mpanolotsaina. . . . 17
3. Fandrafetana ny paikady sy laminasa . . . 18
4. Hetsika fampahafantarana sy fanentanana ifotony. . . . 19

**2.2.** Famolavolana ny tetibola ifarimbonana. . . . 20

1. Loabary an-dasy isam-pokontany (fora) . . . 20
2. Fihaonan'ny delege . . . 21
3. Fihaonana Kaominaly. . . . 22
4. Fankatoavana ny Tetibola. . . . 23

**2.3.** Fanatanterahana ny tetibola ifarimbonana . . . 24

1. Fanomanana ny tetikasa. . . . 24
2. Fampivelarana ny fiaraha-miombon'antoka . . . 25
3. Fanatanterahana sy fanjohiana ny tetikasa . . . 26

**2.4.** Dingana fizohina sy fanombanana . . . . . . . . . . 27
1. Fizohina fampiharana ny Tetibola . . . . . . . . . . 27
2. Fanombanana anatiny . . . . . . . . . . 28
3. Fanombanana ifotony . . . . . . . . . . 29
4. Fanombanana iombonana . . . . . . . . . . 30
5. Tamberin'andraikitra . . . . . . . . . . 31
6. Famintinana . . . . . . . . . . 32

## 4 TOVANA

**1.** Fitanana an-tsoratra ny fivorian'ny birao mpanatanteraka . . . . . . . . . . 35
**2.** Fanapahan-kevitra (délibération) ampiharana ny tetibola ifarimbonana sy ny sorabola amin'izany . . . . . . . . . . 36
**3.** Modely Fifanekena fiaraha-miombon'antoka . . . . . . . . . . 38
**4.** Fisy fanaraha-maso ny tetikasa . . . . . . . . . . 39
**5.** Fitanana an-tsoratra ny tombana anatiny . . . . . . . . . . 40
**6.** Fitanana an-tsoratra ny fanombanana ifotony . . . . . . . . . . 41
**7.** Fitanana an-tsoratra ny fanombanana iombonana . . . . . . . . . . 42

# 1

# FAMPIDIRANA



## 1.1. TANJON'NY TARI-DALANA




Natao ho an'ireo tompon'andraikitra eny anivon'ny Kaominina ity tari-dàlana ity hanampy azy amin'ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana.

## 1.2. NY FOMBA FAMPIASANA AZY



Misokajy toy izao ny fomba fampiasàna ity tari-dàlana ity:

- Hanovozan'ireo tompon'andraikitry ny Kaominina fahalalàna momba ny tetibola ifarimbonana hanamora ny fampiharana azy;
- Hanomanana ny fampiharana ny antsipirihin'ireo dingan'ny Tetibola ifarimbonana;
- Hitondrana fanazavana mba hamaliana filàna na hamahana sakana na olana miseho mandritry ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana.

## 1.3. NY VOTOATINY

Mizara roa ny tari-dàlana:




- Ny tapany voalohany mitanisa ireo ankapobeny tsara ho fantatra mikasika ny Tetibola ifarimbonana:
  - Ny nipoirany sy ny fivoarany ;
  - Ireo tombotsoa azo avy aminy ;
  - Ireo soatoavina ifotorany ;
  - Ireo mpisehatra ny tetibola ifarombonana.
- Ny tapany faharoa maneho ireo dingana arahina amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana:
  - Ny lamina isaky ny dingana ;
  - Ny asa atao sy ny tompon'andraikitra ;
  - Ny fomba fiasa sy ny vokatra andrasana
  - Ny fitaovana iasana
  - Ny fanamarihana manokana tsara ho fantatra

## 1.4. NYNIPOIRANY SY NY FIVOARANY

Ny tetibola ifarimbonana dia fomba fiasa manome vahana ny demokrasia mivantana izay andraisan'ny olompirenenaanjara amin'ny famolavolana sy fanatanterahana ny tetibolan'ny Kaominina, mpisehatra feno izy, noho izany tompon'antoka amin'ny fizohiana sy ny fanaraha-maso.

Azo tarafina amin'ny tetibola eo anivon'ny ankohonana ny tetibola ifarimbonana, fiarahana mandinika ny vinavinam- pandaniana hiatrehana ny taona iray ka hamaritana miaraka ny laharampahamehana. Azo sokajiana roa ny fandaniana eo anivon'ny tokantrano : ny fandaniana mahazatra (hofan-trano, ny saram-pianarana, ny saram-panjifana jiro sy rano, ny sakafo…) sy ny fividianan-javatra (fananana na fitaovana maharitra)

Eo anivon'ny Kaominina, ny tetibola ifarimbonana dia fiarahan'ny Ben'ny tànàna sy ny mpanolotsaina amin'ireo ankolafin-kery samihafa haminavinana ny vola mety hiditra ao amin'ny kitapom-bolan'ny Kaominina andaniny sy hamaritàna ny fandaniana araka ny laharampahamehana etsy ankilany.

Tany Porto Alègre Brezila no niatombohan'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana tamin'ny taona 1988. Avy eo dia niparitaka tamin'ny tanàna maromaro tao Brezila ihany ny fampiharana izany nandritry ny 10 taona mahery izay vao nihitatra tany Amerika Latina, Amerika avaratra, Eropa, Azia. Ny taona 2004 kosa no nanombohana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana teto Madagasikara ary efa mihoatra ny 500 ny Kaominina efa nampihatra izany.

## 1.5. IREO TOMBOTSOA AZO AMIN'NY FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA

- Mihatsara ny fifampitokisana eo amin'ny olompirenenasy ny mpitantanana.
- Mitombo ny vola miditra amin'ny kitapom-bolan'ny Kaominina.
- Mavitrika amin'ny fandraisan'anjara ny olompirenenaeo amin'ny fanatanterahana sy ny fiarovana ny fotodrafitrasa iombonana.
- Mihatsara ny fifandraisana sy fifanakalozan-kevitra eo amin'ny samy mpiara-monina.
- Mihamirindra kokoa ny fiaraha-miasan'ny rafitra ao anaty fiaraha-monina.
- Mampitombo ny fidirana an-tsehatry ny olompirenenaamin'ny fitantanana ny tanànany.

## 1.6. IREO SOATOAVINA IFOTORAN'NY TETIBOLA IFARIMBONANA

- **Ny fitoviana *(inclusion)* :** tsy fanilihina na fanavahana eo amin'ny fiaraha-monina ara-pihaviana, ara-pirazanana, ara-pinoana, ara-politika, ara-pomba amam-panao…. ;
- **Ny mangaraharaha sy *(transparence)* :** fahafahan'ny rehetra mahafantatra ny fanapahan-kevitra hitantanana ny Kaominina ;
- **Ny tamberin'andraikitra *(redevabilité)* :** Fanaovan'ny mpitondra tatitra amin'ny olom-pirenena
- **Ny fandraisan'anjaran'ny olompirenena *(participation citoyenne)* :** firotsahana an-tsehatry ny olompirenena amin'ny fampandrosoana ny Kaominina misy azy ;
- **Ny firaisankina *(solidarité)* :** fiaraha-mientana mitodika amin'ny tombotsoa iombonan'ny maro an'isa ;
- **Ny fahombiazana (efficacité/efficience) :** fampiasam-bola mamaly amin'ny fomba haingana sy amin'ny sarany mora kokoa ny filàn'ny olompirenena;
- **Ny fifamenoana (transversalité) :** fanajana sy fifanomezan-danja ny andraikitra raisin'ny isan' ambaratonga sy ny sehatra samihafa.

## 1.7. IREO MPISEHATRA AMIN'NY TETIBOLA IFARIMBONANA

- Ny birao mpanatanteraka ;
- Ny filankevitra kaominaly ;
- Sampan-draharaham-panjakana ;
- Olompirenena ;
- Fiarahamonim-pirenena ;
- Fokontany ;
- Sehatra tsy miankina ;
- sns…

## 1.8. NY VOALAZAN'NY LALANA MIFANDRAIKA AMIN'NY TETIBOLA IFARIMBONANA

- aRTICLE A RAJOUTER
- Fangaraharana amin'ny fitantanana ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (and. 15 ny lalàna fehizoro 2014-018) ;

And. 15 andalana voalohany amin'ny lalàna fehizoro 2014-018 "Ny fampiharana ny tandrifim-pahefana sy ny andraikitr'ireo vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia atao amin'ny alalan'ny fampandraisana anjara ny rehetra ary ao anatin'ny mangarahara tanteraka."

- Ny fitantanana ifandrimbonana (participative) sy ny fametrahana rafitra ikaonandoha eny anivon'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana (and. 15 ny lalàna fehizoro 2014-018) ;

And. 15 andalana 2 amin'ny lalàna fehizoro 2014-018 "Amin'izany, ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia tsy maintsy mametraka rafitra fikaonan-doha."

- Tamberin'andraikitr'ireo olom-boafidy eny amin'ny Vondrom-bahoakam-paritra itsinjaram-pahefana sy ireo mpiara-miasa aminy (and. 37 ny lalàna 2014-020) ;

And. 37 amin'ny lalàna laharana 2014-020 « Amin'ny fampiharana ny fitsipika fototra momba ny tamberin'andraikitra sy fangaraharana eo amin'ny fitanana ireo raharaha eny ifotony, ankoatra fampandraisana anjara amin'ny rafitra ikahonan-doha izay voalaza ny andininy faha-15 ao amin'ny lalàna fehizoro mifehy ny tandrifim-pahefana, ny fombafomba fandaminana sy ny fomba fiasan'ny vondrom-bahoakam-paritra itsinjarampahefana, ary ny fitantanana ny raharahany manokana, ny Lehiben'ny mpanatanterak' ireo Vondrombahoakam-paritra itsinjaram-pahefana dia manao tatitra ireo raharahany amin'ny vahoaka eo an-toerana amin'ny alalan'ny gazety, kabary na amin'ny fomba hafa mahomby »


# 2



# DINGAN'NY FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA

**Dingana efatra no arahina amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana :**

- **Dingana fanomanana**
- **Dingana famolavolana**
- **Dingana fanatanterahana**
- **Dingana fanombanana**




## 2.1 DINGANA FANOMANANA

| 1 | 2 | 3 | 4 |
|---|---|---|---|
| **FANOMANANA** | **FAMOLAVOLANA** | **FANATANTERAHANA** | **FANOMBANANA** |

FANOMANANA:


- Fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka
- Fiaraha-midiniky ny mpanolotsaina
- Fandrafetana ny paikady sy laminasa
- Hetsika fampahafantarana sy fanentanana

## 2.1.1. Fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fampahafantarana sy fifandresen-dahatra eo amin'ny samy mpanatanteraka<br><br>Famaritana ny sorabola atokana ho an'ny Tetibola ifarimbonana<br><br>Fanendrena ny tompon'andraikitra voalohan'ny Tetibola ifarimbonana avy ao amin'ny mpanatanteraka<br><br>Fanomanana ny fananganana ny komitin'ny Tetibola ifarimbonana<br><br>Firaketana an-tsoratry ny fizotry ny fivoriana<br><br>(tovana 1) | Tetibola sy kaontim-pitantanana teo aloha<br><br>Ny tabilao mitanisa ny vola miditra avy eo an-toerana | Resy lahatra amin'ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana ny mpanatanteraka<br><br>Voafaritra ny sorabola sy ny seha-pampandrosoana hampiharana ny tetibola ifarimbonana |






**TSARA HO FANTATRA**

Ny solontenan'ny birao mpanatanteraka voatendry no tompon'andraikitra voalohany (point focal) amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana.

## 2.1.2. Fiaraha-midiniky ny mpanolotsaina

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fankatoavana ampiharana ny tetibola ifarimbonana eo anivon'ny Kaominina<br><br>Famaritàna ny sorabola atokana hanatanterahana ny Tetibola ifarimbonana<br><br>Firaketana an-tsoratra ny fivoriana (**tovana 2)** | Tetibola sy kaontim-pitantanana teo aloha<br><br>Ny tabilao mitanisa ny vola miditra avy eo an-toerana | Nankatoavin'ny filankevitra ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana sy ny sora-bola atokana amin'izany |











### TSARA HO FANTATRA

Ny tompon'andraikitra avy amin'ny birao mpanatanteraka no mitondra fanazavana sy mandresy lahatra ireo mpanolotsaina ary manamafy fa tsy manala ny fahefana maha mpanapa-kevitra azy ireo ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana

## 2.1.3. Fandrafetana ny paikady sy laminasa

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fivorian'ny birao mpanatanteraka sy ny filankevitra ho:<br>↘ Fandalinana ny antontan-kevitra sy ny zava-misy eo anivon'ny Kaominina ;<br>↘ Fanomanana ny hetsika fampahafantarana sy fanentanana ;<br>↘ Famolavolana masontsivana hatololotra ho dinihin'ny olompirenena. | Antontan-kevitry ny Kaominina: monografia, PCD, tetibola,.... | Voafaritra ny paikady mirakitra ny drafitr'asa sy ny tetiandro anatanterahana ny hetsika rehetra **(tovana 3)**<br>Voamana ireo volavolana masontsivana |









### TSARA HO FANTATRA

Aorian'ny taona voalohany nampiharana ny tetibola ifarimbonana dia ny komitin'ny tetibola ifarimbonana no mandrafitra ny paikady sy lamin'asa hitondrana ny fampiharana

## 2.1.4. Hetsika fampahafantarana sy fanentanana ifotony

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Lanonam-panjakana tarihin'ny Ben'ny tanàna hanaovana:<br>↘ fanambarana ampahibemaso ny fahavononany sy ny fanapahan-kevitry ny Kaominina hiroso amin'ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana<br>↘ fampahafatarana ny sorabola natokana ampiharana ny tetibola ifarimbonana<br>↘ fanokafana amin'ny fomba ofisialy ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana eo anivon'ny Kaominina<br>Fampahafantarana amin'ny fomba rehetra sy manerana ny faritry ny Kaominina ny tetibola ifarimbonana sady fanentanana ho fanomanana ny loabary an-dasy | Tetiandro hanaovana ny hetsika fampahafantarana sy fanentanana ifotony<br>Fitaovan-tserasera mahomby eo an-toerana : peta-drindrina, banderôles, … | Fantatry ny olompirenena sy ny ankolafin-kery samihafa ny ambaidain'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana sy ny fahavononan'ny mpitondra hiroso amin'izany |









**TSARA HO FANTATRA**

Raiketina an-tsoratra sy an-tsary ary ampitaina amin'ny tompon'andraikitra mahefa ny hetsika fanentanana rehetra

# 2.2. FAMOLAVOLANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA





## 2.2.1. Loabary an-dasy isam-pokontany (fora)

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fivoriam-ben'ny fokonolona :<br>↘ Fandalinana miaraka ny zava-misy mandrafitra ny fokontany : ny antotan'isa, ny fotodrafitrasa, ny fitantanana,... ;<br>↘ Ady hevitra handalinana ny filana ;<br>↘ Fampahafantarana ny sorabola voatokana ;<br>↘ Famaritana ireo masontsivana andaharana ny tetikasa ;<br>↘ Fandaharana ny tetikasa laharam-pahamehana ;<br>↘ Fampahafantarana ny andraikitra miandry ny delege sy famaritana ny masontsivana hifidianana azy ireo ;<br>↘ Fifidianana ireo delege isam-pokontany ;<br>↘ Fandraiketana an-tsoratra ny loabary an-dasy. | Antontan-kevitra momba ny Fokontany sy ny Kaominina.<br>Volavolana masontsivana andaharana ny filàna sy ny tetikasa. | Masontsivana ho enti-mifidy ny delege.<br>Masontsivana ho enti-mandahatra ny filàna sy ny tetikasa.<br>Lisitry ny delege voafidy.<br>Fanambaran'izy ireo ny fahavononany.<br>Lisitry ny tetikasa avy eo an-toerana milahatra araka ny laharampahamehana. |









TSARA HO FANTATRA


Tsara raha misy manamora ny ady hevitra mandritra ny loabary an-dasy.

## 2.2.2. Fihaonan'ny delege

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fampahafantarana ny lisitry ny tetikasa isam-pokontany nivoaka avy amin'ny loabary an-dasy<br><br>Fanazavàna entin'ny sampan-draharaham-panjakana mahakasika ireo tetikasa<br><br>Famaritana miaraka ny masontsivana andaharana ny laharampahamehana<br><br>Fandaharana ireo tetikasa araka ny laharampahamehana voafaritry ny masontsivana<br><br>Fanomanana ny fihaonana kaominaly<br><br>Firaketana an-tsoratra ny fihaonana | Fitanana an-tsoratra ny loabary an-dasy<br><br>Ireo tetikasa araka ny laharampahamehana isaky ny Fokontany manerana ny Kaominina | Ny tetikasa kaominaly laharampahamehana lanieran'ny delege<br><br>Tsirin-kevitra amin'izay mety ho anjara birikin'ny olompirenena hahazo tombotsoa<br><br>Voaomana ny fihaonana kaominaly |








TSARA HO FANTATRA


Tena ilaina ny fandraisan'njajaran'ny sampan-draharaham-panjakana isan-tsokajiny eo an-toerana amin'ny fanomezana toro-marika sy ny fenitra, ary antontam-baovao mahakasika ireo tetikasa

## 2.2.3. Fihaonana Kaominaly

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanoloran'ny delege amin'ny tompon'andrakitry ny Kaominina ny lisitry ny tetikasa laharampahamehana<br><br>Ady hevitra handravonana sy hamaritana ireo tetikasa kaominaly laharampahamehana<br><br>Fananganana ny komitin'ny tetibola ifarimbonana<br><br>Firaketana an-tsoratra ny fiahaonana kaominaly | Fitanana an-tsoratry ny fihaonan'ny delege<br><br>Drafitra fampandrosoana ny Kaominina: PCD, plan communal de développement triennal, SAC,...<br><br>Teti-bola sy kaotim-pitantanana teo aloha | Voatolotra ny tompon'andraikitra Kaominaly ireo tetikasa laharampahamehana<br><br>Voafaritra ny fandraisan'anjaran'ny olompirenenasy ny ankolafin-kery samihafa |






**TSARA HO FANTATRA**

Ity fihaonana kaominaly ity no manamafy ny fitsanganan'ny komitin'ny tetibola ifarimbonana.

## 2.2.4.Fankatoavana ny Tetibola

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fampidiran'ny mpanatanteraka ireo tetikasa voafaritra ho ao anaty Tetibola<br><br>Fandalinana sy fankatoavan'ny filankevitra ny tetibola | Tetibola sy kaontim-pitantanana teo aloha<br><br>Volavolana tetibola<br><br>Fitanana an-tsoratra ny fihaonana kaominaly<br><br>Fitanana an-tsoratra ny loabary an-dasy sy ny fihaonan'ny delege | Nahazoana fankatoavan'ny filankevitra ny tetibola<br><br>Fanapahan-kevitra (délibération, **tovana 6**) |








### TSARA HO FANTATRA

Hajaina hatrany ny fepetra takian'ny lalàna hankatoavana ny tetibola (ny fe-potoana, ny fetr'isan'ny mpanolotsaina, ny peta-drindrina, ny fandefasana dika mitovy any amin'ny Distrika, …)

# 2.3. FANATANTERAHANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA

1 FANOMANANA

2 FAMOLAVOLANA

3 FANATANTERAHANA


4 FANOMBANANA


- Fanomanana ny tetikasa
- Fampivelarana ny fiaraha-miombon'antoka
- Fanatanterahana sy fanjohiana

## 2.3.1. Fanomanana ny tetikasa

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fidinana an-toerana handrefesana ny asa hatao<br>Fandrafetana ny « plan »<br>Fikajiana ny filàna sy ny tombam-bidy « dévis »<br>Fanaovana ny tolo-bidy | Fitanana an-tsoratra ny fihaonana Kaominaly<br>Fangatahana sy fitanana an-tsoratra ny loabary an-dasy teny amin'ny Fokontany nisy ny tetikasa voasafidy | Plan<br>Vinavinam-pandaniana<br>Tolo-bidy isan-tsokajiny |










### TSARA HO FANTATRA

Ny antsipirihiny dia voafaritra ao amin'ny tari-dàlana mikasika ny fitompoan-draharaha kaominaly (Maîtrise d'Ouvrage Communale)

## 2.3.2. Fampivelarana fiaraha-miombon'antoka

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
| --- | --- | --- |
| Fikarohana sy fandresen-dahatra ireo mpiara-miombon'antoka handray anjara amin'ny fanatanterahana ny tetikasa<br><br>Fanomanana sy fanaovan-tsonia ny fiaraha-miombon'antoka<br><br>Firaketana an-tsoratra sy fanaovana sonia ny fandraisan'anjaran'ny ankolafin-kery samihafa sy ny mpahazo tombotsoa. | Vinavinam-pandaniana<br><br>Plan<br><br>Anjara birikin'ny mpahazo tombotsoa<br><br>Fitanana an-tsoratry ny fihaonana isan'ambaratonga | Fifanekena fiaraha-miombon'antoka vita sonia |





TSARA HO FANTATRA


Hamafisina etoana ny hetsika fanatsarana ny fidiram-bolan'ny Kaominina araka ny voafaritra ao amin'ny tari-dàlana mahakasika izany.

## 2.3.3. Fanatanterahana sy fanjohiana ny tetikasa

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
| --- | --- | --- |
| Fanatanterahan 'ny tompon'antoka ireo asa voafaritra<br>Fiaraha-midiniky ny komitin'ny tetibola ifarimbonana hanomanana ny fanjohiana<br>Fitsidihana ara-teknika ny tetikasa<br>Fampahafantarana ny olompirenena ny fandroson'ny asa<br>Fandraisana ny asa vita sy fitokanana<br>Fampahafantarana ny mpahazo tombontsoa ny fitantanana sy ny fiarovana ny asa vita<br>Firaketana an-tsoratra ny asa fanjohiana | Lisitry ny tetikasa<br>Fifanekena fiaraha-miombon'antoka<br>Plan<br>Dévis<br>Tabilao fanaraha-maso ny tetikasa (tovana 4) | Asa mizotra tsara mifanaraka amin'ny fenitry ny fifanekena sy fiaraha-miombon'antoka |






**TSARA HO FANTATRA**

Ny antsipirihin'ny fanatanterahana ny tetikasa dia voatanisa ao amin'ny tari-dàlana mahakasika ny fitompon-draharaha kaominaly (Maîtrise d'Ouvrage Communale)


## 2.4. DINGANA FIZOHINA SY FANOMBANANA

1. FANOMANANA
2. FAMOLAVOLANA
3. FANATANTERAHANA
4. FANOMBANANA


- Fanombanana anatiny
- Fanombanana ifotony
- Fanombanana iombonana
- Fanatanterahana ny tamberin'an-draikitra

### 2.4.1. Fizohina fampiharana ny Tetibola

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanendrena ny tompon'adraikitry ny famenoana ny boky fanaraha-maso<br><br>Fanangonana sy firaketana ny antontam-baovao<br><br>Fanaovana tatitra | Boky fanaraha-maso ny Tetibola ifarimbonana | Fantatra ny fivoaran'ny dingana<br><br>Voahitsy ara-potoana ny lesoka tsapa. |










**TSARA HO FANTATRA**


Havaozina isan-taona ny boky fanaraha-maso.

## 2.4.2.Fanombanana anatiny

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanomanana sy fivorian'ny mpanatanteraka sy Filankevitra anaovana fanombanana anatiny:<br>↘ ny niatrehana ireo dinganan'ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana<br>↘ ny niainana ireo soatoavin'ny teti-bola ifarimbonana<br>Firaketana an-tsoratra ny fanombanana anatiny (tovana 5) | Ireo tatitry ny dingana rehetra nampiharana ny tetibola ifarimbonana<br>Tatitry ny fanjohiana | Voahitsy ny lesoka. |







**TSARA HO FANTATRA**


Tsara raha olona ivelan'ny mpanatanteraka sy ny filankevitra no manamora ny fanombanana anatiny

## 2.4.3.Fanombanana ifotony

| Asa atao | Fitaovana ampiasaina | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanomanana ny fivoriana : fisafidianana ny mpandray anjara, ny toerana sy ny fotoana<br><br>Fivoriana fanombanana<br><br>Firaketana an-tsoratra ny fanombanana ifotony | Tatitry ny asa fanjohiana<br><br>Ireo tatitry ny dingana rehetra nampiharana ny tetibola ifarimbonana | Mahatsapa ho tompon'andraikitra amin'ny fiovana<br><br>Fantatra ny lesoka sy ny tombony amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana ary hita ny hevitra enti-manatsara izany amin'ny manaraka |







### TSARA HO FANTATRA

Ny mpisehatra ivelan'ny ekipa kaominaly no mandray anjara amin'ity tombana ity, ny firafitry ny vaomiera dia mety miovaova isaky ny sehatra (fitantanana, fahasalamana, fanabeazana, fanatanjahan-tena, fambolena,...) na isaky ny sokajin'olona (sampan-draharaham-panjakana, komitin'ny Tetibola ifarimbonana, fikambanana sosialy, mpandraharaha ara-toe-karena, Lehiben'ny fokontany,... )

### 2.4.4. Fanombanana iombonana

| Asa atao | Fitaovana ampiasana | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fanomanana sy fanaovana atrikasa kaominaly hanaovana miaraka ny tombana fampiharana ny tetibola ifarimbonana<br><br>Fampihaonana ny vokatry ny tombana anatiny sy ifotony<br><br>Firaiketana an-tsoratra ny fanombanana iombonana | Tatitry ny fanombanana anatiny sy ny fanombanana ifotony | Miara-manaiky ny lesoka tokony hatsaraina ny mpandray anjara rehetra<br><br>Voaomana ny fanatsarana ho entina amin'ny taona manaraka |







**TSARA HO FANTATRA**

Zava-dehibe ny fanazavana ny anton'ny tsy fitoviam-pijery vokatry ny tombana roa teo aloha, tsara raha misy mpanentana na mpanamora ihany koa ny atrikasa fanombanana

## 2.4.5. Tamberin'andraikitra

| Asa atao | Fitaovana ampiasana | Vokatra andrasana |
|---|---|---|
| Fampahafantarana ny olompirenena ireo rehetra tsara ho fantatra tamin'ny fampiharana ny teti-bola ifarimbonana<br><br>Fampahafantaran'ny delege ny vokatry ny fivoriana nandraisany anjara, sy ireo fepetra noraisina tamin'izany, momba ny tetikasa<br><br>Fandrafetana ny tatitra an-tsoratra mirakitra ny fitantanana sy ny fanatanterahana ny tetikasa alefa amin'ireo niara-niombon'antoka rehetra | Tatitry ny tetikasa<br><br>Tetibola<br><br>Fitanana an-tsoratra ny tombana iombonana<br><br>Fitaovanan-tserasera mahomby eo anivon'ny Kaominina | Mihamazava amin'ny olompirenena ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana<br><br>Mitombo ny fifampatokisana eo amin'ny mpandray anjara rehetra<br><br>Fantatry ny olompirenena ireo lesoka sy tombony tamin'ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana |



### TSARA HO FANTATRA

Tsy voafetra ny fotoana sy ny endrikitry ny fampahafantarana manodidina ny fampiharan'ny Kaominina ny tetibola ifarimbonana

## 2.4.6. Famintinana

| Dingana | Asa tanterahina |
| --- | --- |
| FANOMANANA | Fiaraha-midiniky ny mpanatanteraka |
| | Fiaraha-midiniky ny filankevitra kaominaly |
| | Fandrafetana ny laminasa |
| | Hetsika fampahafantarana sy fanentanana ifotony |
| FAMOLAVOLANA | Loabary an-dasy isam-pokontany (fora) |
| | Fihaonan'ny delege |
| | Fihaonana kaominaly |
| | Fankatoavana ny Tetibola |
| FANATAN-TERAHANA | Fanomanana ny tetikasa |
| | Fampivelarana ny fiaraha-miombon'antoka |
| | Fanatanterahana sy fizohina |
| FANOMBANANA | Fanombanana anatiny |
| | Fanombanana ifotony |
| | Fanombanana iombonana |
| | Tamberin'Andraikitra |

# TOVANA

TOVANA

## Tovana1 :

### Fitanana an-tsoratra ny fivorian'ny birao mpanatanteraka

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA

Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY :

FARITRA :

Kaominina :

**<u>Fitanana an-tsoratra fivoriana</u>**

Toerana :

Daty :

**<u>Antony</u> :** fandinihana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana eto amin'ny Kaominina

Androany,………………………………………..tamin'ny……ora dia nivory teto amin'ny…………………………………ny Birao mpanatanteraka eto amin'ny Kaominina ……………………………notarihin'ny Ben'ny tànàna sy ireo mpikambana araka ny voarakitra ao amin'ny mari-pahatongavana.

Taorian'ny fanazavana momba ny Tetibola ifarimbonanasy ny fandalinana ny antotankevitra (kaotim-pitantanana, ny vola miditra, ny fangatahana fotodrafitrasa sy fanampiana)ary ny fifandresen-dahatra dia niraisan'ny be sy ny maro ireto hevitra manaraka ireto :

**<u>Voalohany</u> :** ampiharina eto anivon'ny Kaominina ny tetibola ifarimbonana amin'ny taom-piasana …

**<u>Faharoa</u> :** ny fandaniana voasoritra ao amin'ny «section II, chap XII??, » mahakasika ny fanorenana, fanarenana na famitàna fotodrafitrasa na fampitaovana ka mitentina ………………………..ariary no atolotra ho dinihin'ny filankevitra mba ho fanatanterahana izany.

**<u>Fahatelo</u> :** atolotra ho tompon'andraikitra voalohany amin'ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana Andriamatoa……………………………………………….. Sekreterajenerain'ny Kaominina hitarika sy hanomana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana

**<u>Fahefatra</u> :** tolo-kevitra ny hanomanana ny fivorian'ny filankevitra andinihina sy ankatoavana ny soso-kevitra ampihatra ny tetibola ifarimbonana.

Nifarana tamin'ny ……. ora ny fivoriana

Ny nanao ny fitanana an-tsoratra — Ny Ben'ny tànàna

## Tovana 2 :

### Fanapahan-kevitra (délibération) ampiharana ny tetibola ifarimbonana sy ny sorabola amin'izany

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY :

FARITRA :

Kaominina :

FANAPAHAN-KEVITRA laharana ……/20…..
Nataon'ny Filan-kevitry ny Kaominina ……… tamin'ny …….. 20……

Isan'ny mpanolotsaina: ….

Isan'ny nanatrika: ……..

Tamin'ny ……………., ny Filan-kevitry ny Kaominina ………. dia nanatanteraka fivoriana tsy ara-potoana. Tratra ny fetr'isa takian'ny lalàna ahafahan' ny fandraisan'ny mpanolotsaina amperin'asa mandray fanapahan-kevitra. Andriamatoa ………………., Filoha no nitarika ny fivoriana ary Andriamatoa……………mpampakan-teny, no nanao ny fitanana an-tsoratra.

**Anton'ny fivoriana :** fanapahana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana eo anivon'ny Kaominina

**NY FILAN-KEVITRY NY Kaominina……………………………..**

√ Araka ny lalàm-panorenana

√ Araka ny lalàna laharana ………tamin'ny ………mamaritra ny fahefana, fandaminana ary ny fomba fiasan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana

√ Araka ny lalàna laharana ……. tamin'ny ……….mamaritra ny fahefana, ny tandrifim-pahefana, sy ny loharanom-bolan'ny vondrom-paritra itsinjaram-pahefana

√ Araka ny làlàna laharana faha 018/2014mikasika ny fitantanana ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana,

√ Araka ny didim-pitsàrana laharana ………. tamin'ny …….. namoahana ny vokapifidianana izay lany ho Ben'ny Tànàna sy ny mpanolon-tsain'ny tanàna

√ Araka ny didim-panjakana DIDIM-PITONDRANA fampiharana N° 3739/ 96 / MBFP /SG tamin'ny 14-06-96 mametra ny fitanana ny kaontin' ny Kaominina ambanivohitra sokajy faharoa,

√ Araka ny fanapahana laharana…….. tamin'ny……… nifidianana ny birao eo anivon'ny filan-kevitry ny Kaominina

Taorian'ny fanazavana sy ny ady hevitra malalaka

**DIA MANAPAKA FA**

**Andininy 1 :** ampiharina eto anivon'ny Kaominina ……………..ny Tetibola ifarimbonana manomboka ny taom-piasana…………

**Andininy 2 :** ny sorabola mitentina……………………………Ariary mifandraika amin'ny « chap XII, art 1 : fanorenana, fanarenana fotodrafitrasa » ao amin'ny Tetibolan'ny Kaominina no atokana ho amin'izany

**Andininy 3 :** omena alalana ny mpanatanteraka amin'ny fanatanterahana izany

**Andininy 4 :** tompon'andraikitry ny Tetibola ifarimbonana eo anivon'ny filankevitra ny mpanolo-tsaina………………………………………………

**Andininy 5 :** manan-kery avy hatrany ity fana-pahan-kevitra ity raha vantany vao nampafantarina ny be sy ny maro

Notapahina ary lany eran'ny maro an'isa tonga nanatrika ny fivoriana

Sonia :

-
-
-
-
-
-
-

Ny Filohan'ny Filankevitra Ny mpampakan-teny

Dika mitovy :

√ Alefa amin'ny Lehiben'ny Distrika

√ Atao peta-drindrina

√ Arsiva

## Tovana 3 :

### modely Fifanekena fiaraha-miombon'antoka

**FIFANEKENA FIARAHA-MIOMBON'ANTOKA**

Ho fanatanterahana ny tetikasa fanorenana tranovaovao misy efitrano telo ao amin'ny sekoly EPP, ………………….ao anatin'ny tetibola ifarimbonana eto amin'ny Kaominina…………., taorian'ny fifandresen-dahatra dia natao izao fifanekena izao eo amin'ny :

Ny Kaominina……………, soloin'Andriamatoa ………………………..,Ben'ny tanàna tena

Andaniny

Sy

Ny komitin'ny fanorenana sekoly EPP ....................................................... soloin' Andriamatoa sy Ramatoa isany tena : ................................................................................ ............................., Filohan'ny FAF ......................................., Filohan'ny FRAM ...... ................................................ Talen'ny sekoly ................................................., Sefo Fokontany ..............................................................................................

Ankilany

**Andininy 1** : andraikitry ny Kaominina ny mamatsy ny akora ilaina amin'ny asa fanorenana ankoatry ny biriky sy ny vato dia ny : simenitra, vy, tafo,loko, varavarana efa vita, ny hazo rehetra ilaina voasoritra ao anatin'ny vinavina nankatoavina, araka ny fandroson'ny asa no andefasana ny akora

**Andininy 2** : eto amin'ny biraon'ny Kaominina no andraisana ny akora, andraikitry ny komitin'ny fanorenana ny fitaterana azy mankany amin'ny sekoly

**Andininy 3** : anjaran'ny komity no miantoka ny akora fototra dia ny biriky sy ny vato (moellons, gravillons) miaraka amin'ny fitaterana izany

**Andininy 4** : anjaran'ny komity no miantoka ny mpandrafitra sy ny mpanampy azy ka ilaina fifanarahana arak'asa ankatoavin'ny Kaominina izany ary tsy maintsy manaraka ny plan ny fanorenana

**Andininy 5** : manao ny fanaraha-maso ny asa ny Kaominina amin'ny alalan'ny teknisiana ao aminy, atsangana ihany koa ny komity hiandraikitra ny fanjohiana ny tetikasa izay tokony hivory isankerin'andro

Natao anio,

Hita ary ekena

Ny Filohan'ny FAF | Ny Filohan'ny FRAM | Ny Ben'ny tànàna

Ny Talen'ny sekoly | Sefo Fokontany

**Tovana 4 :**

## FISY FANARAHA-MASO NY TETIKASA

| Nº | Daty (Date) | TETIKASA (Projet) | Fanamarihana hita (Constats) | Soson-kevitra nomena (Recommandations) | Isan'ny Olona Nanatrika (Nombre participant présent) | Isan'ny Délégues Nanatrika (Nombre de Délégués présents) | | Fanatanterahana ny soson-kevitra (Exécution de la proposition) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | L (H) | V (F) | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |

**Tovana 5 :**

## Fitanana an-tsoratra ny tombana anatiny

REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana-Tanindrazana-Fandrosoana

FARITANY :

FARITRA :

Kaominina

**Fitanana an-tsoratra fivoriana**

**Toerana :**
**Daty :**
**Antony :** fanombanana anatiny ny fampiharana ny Tetibola ifarimbonana eto amin'ny Kaominina

Androany,.........................................tamin'ny......ora dia nivory teto amin'ny biraon'ny Kaominina ny Birao mpanatanteraka eto amin'ny Kaominina ..............................notarihin'ny Ben'ny tànàna sy ireo mpikambana amin'ny filan-kevitry ny tanàna araka ny voarakitra ao amin'ny mari-pahatongavana.

Toy izao manaraka izao ny vokatry ny fanombanana ny fampiharana ny Tetibola ifarim-bonana

| **Dingana** | **Tombana** | | | **Fanazavana** |
|---|---|---|---|---|
| Fanombanana ny fanatanterahana ny dingana | | | | |
| Fanomanana | | | | |
| Famolavolana | | | | |
| Fanatanterahana | | | | |
| Fanombanana ny fampiharana ny soatoavina | | | | |
| Fifanajana | | | | |
| Fampiharana ny mangarahara | | | | |
| Firaisan-kina | | | | |
| Fandraisan'anjaran'ny olona | | | | |
| Fahombiazana | | | | |
| Fifamenoana isan'ambaratonga | | | | |

Nifarana tamin'ny..........ora ny fivoriana fanombanana.

Ny nanao ny fitanana an-tsoratra

Ny Ben'ny tànàna

## Tovana 6 :

Fitanana an-tsoratra ny fanombanana ifotony

**Toerana :**
**Daty :**
**Antony :** fanombanana ifotony ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana eto amin'ny Kaominina

Androany,………………………………………..tamin'ny……ora dia nivory teto amin'ny ……………………………ny mpandray anjara araka ny voarakitra ao amin'ny mari-pahatongavana.

Toy izao manaraka izao ny vokatry ny fanombanana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana

| Dingana | Tombana | | | Fanazavana | Fanatsarana |
|---|---|---|---|---|---|
| Fanombanana ny fanatanterahana ny dingana | | | | | |
| Fanomanana | | | | | |
| Famolavolana | | | | | |
| Fanatanterahana | | | | | |
| Fanombanana ny fampiharana ny soatoavina | | | | | |
| Fifanajana | | | | | |
| Fampiharana ny manga-rahara | | | | | |
| Firaisan-kina | | | | | |
| Fandraisan'anjaran'ny olona | | | | | |
| Fahombiazana | | | | | |
| Fifamenoana isan'amba-ratonga | | | | | |

Nifarana tamin'ny……….ora ny fivoriana fanombanana.

Ny nanao ny fitanana an-tsoratra

Ny Ben'ny tànàna

**Tovana 7 :**

## Fitanana an-tsoratra ny fanombanana iombonana

**Toerana :**
**Daty :**
**Antony** : fanombanana ifotony ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana eto amin'ny Kaominina
Androany,……………………………………..tamin'ny……ora dia nivory teto amin'ny ……………………………ny mpandray anjara araka ny voarakitra ao amin'ny mari-pahatongavana.

Toy izao manaraka izao ny vokatry ny fanombanana ny fampiharana ny tetibola ifarimbonana

| Dingana | Tombana | | | Fanazavana |
|---|---|---|---|---|
| Fanombanana ny fanatanterahana ny dingana | | | | |
| Fanomanana | | | | |
| Famolavolana | | | | |
| Fanatanterahana | | | | |
| Fanombanana ny fampiharana ny soatoavina | | | | |
| Fifanajana | | | | |
| Fampiharana ny mangarahara | | | | |
| Firaisan-kina | | | | |
| Fandraisan'anjaran'ny olona | | | | |
| Fahombiazana | | | | |
| Fifamenoana isan'ambaratonga | | | | |

Nifarana tamin'ny……….ora ny fivoriana fanombanana.

Ny nanao ny fitanana an-tsoratra

Ny Ben'ny tànàna

**Tovana 8 :**

## BOKY FANARAHA-MASO NY FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA

# BOKY FANARAHA-MASO NY FAMPIHARANA NY TETIBOLA IFARIMBONANA

TAONA (Exercice) :………………………..

FARITANY (Province) :
FARITRA (Région) :
DISTRIKA (District) :
KAOMININA (Commune) :

KARAZANA (Catégorie) :

- CU
- CR 1
- CR 2

ANARAN'I BEN'NY TANANA (Nom du Maire) :
ANARAN'NY MPANAMORA (Nom du facilitateur) :

## A. MOMBA NY KAOMININA

- HABEN'NY KAOMININA (Superficie de la Commune):
- ISAN'NY MPONINA (Nombre de la population):

| TOTALINY (Total): | LAHY (Homme): | VAVY (Femme): |
|---|---|---|

- ISAN'NY MPIFIDY (Nombre des électeurs):

| TOTALINY (Total): | LAHY (Homme): | VAVY (Femme): |
|---|---|---|

- LISITRY NY FOKONTANY (Liste des Fokontany)

| FOKONTANY (Fokontany) | ISAN'NY OLONA (Nombre de la population) | ELANELANA MIALA AMIN'NY KAOMININA (KM) (Distance par rapport au chef lieu de la Commune) | ANARAN'NY LEHIBEN'I FOKONTANY (Nom du Chef Fokontany) |
|---|---|---|---|
| 1- | | | |
| 2- | | | |
| 3- | | | |
| 4- | | | |
| 5- | | | |
| 6- | | | |
| 7- | | | |
| 8- | | | |
| 9- | | | |
| 10- | | | |
| 11- | | | |
| 12- | | | |
| 13- | | | |
| 14- | | | |
| 15- | | | |
| 16- | | | |
| 17- | | | |
| 18- | | | |
| 19- | | | |
| 20- | | | |

## B. PROGRAMAN'ASA

| N° | ASA HATAO | FE-POTOANA | TOMPON'AN-DRAIKITRA | TOERANA | MPIARA MIOM-BON'ANTOKA | FANAMARIHANA |
|---|---|---|---|---|---|---|
| A | TETI-BOLA IFARIMBONANA (BUDGET PARTICIPATIF) | | | | | |
| A1 | Pré-FORA | | | | | |
| A2 | FORA | | | | | |
| A3 | FORUM DE DELEGUE | | | | | |
| A4 | FANANGANANA KOMITY BP | | | | | |
| A5 | FORUM COMMUNAL | | | | | |

## D. FIOFANANA / TANTSOROKA (Formation et accompagnement)

| Nº | Daty nanaovana ny fiofanana (Date d ela formation) | Votoatiny (Thème) | Ny mpandray anjara (Participants) | Ny mpampiofana (Formateurs) | Tahan'ny Fitombon'ny fahalalana (Taux d'augmentation de connaissance) | Fanamarihana (Observations) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

## E. TETIBOLA IFARIMBONANA

### *a. Mari-bola natokana hanaovana teti-bola Ifarimbonana*

| | Sandany (Montant en Ar) | N° Fanapahankevitry ny Mpanolotsaina (N° Déliberation Conseil Communale) | Daty fivoriana (Date de la réunion) |
|---|---|---|---|
| Anjaran'ny Kaominina (Part de la Commune) | | | |
| Tohana ara-bola (Financement exterieur) | | | |
| TOTALINY (Total) | | | |

***b. IREO DINGAN'NY TETI-BOLA IFARIMBONANA***

1/ PRE FORA (Fanetanana, fanomanana...)

| N° | Daty nanaovana ny PRE-FORA | Asa natao | Isan'ny Olona | Isan'ny Vehivavy | Fanamarihana |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |

2/ FORA

| N° | Daty nanaovana ny FORA | Fokontany | Isan'ny Olona | Isan'ny Vehivavy | Lahara-pahamehana |
|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |

3/ FORUM DES DELEGUES (Forum des Délégués )

Daty :

| N° | LISITRY NY LAHA-RAMPAHAMEHANA (Liste des priorités/ projets) | FOKONTANY (Fokontany) | TOMBAM-BIDINY Ar (Montant en Ariary) | FANAMARI-HANA (Observa-tion) |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |

Lisitry ny délégués nanatrika :

| N° | ANARANY | L/V | FOKONTANY |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

4/ FORUM COMMUNAL

Daty :

| N° | LISITRY NY LAHARAM-PAHAMEHANA (Liste des priorités:projets) | FOKON-TANY (Fokontany) | TOMBAM-BIDI-NY Ar (Montant en Ariary) | FANAMARI-HANA (Obser-vation) |
|---|---|---|---|---|
| | | | | |

IREO KOMITY BP VOAFIDY (liste des membres du Comité BP élus)

| N° | FOKONTANY | L/V | ANARANA |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

Lisitry ny délégués nanatrika :

| N° | ANARANY | L/V | FOKONTANY |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

Lisitry ny Servisy teknika nanatrika (STD) :

| N° | ANARANY | L/V | Andraikitra (STD) |
|---|---|---|---|
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |
| | | | |

5/ TATITRA ATAON'NY KOMITY BP EO ANIVON'NY FOKONTANY

*(Comptes rendus organisés par le comité BP au niveau Fokontany)*

| N° | Daty (Date) | Antony (Objet) | Fokontany (Fokontany) | Isan'ny mponina nanatrika (Nombre des personnes présentes) | | Fanamarihana (Observation) |
|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | Lahy (Homme) | Vavy (Femme) | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |
| | | | | | | |

6/ FANARAHA-MASO ATAON'NY KOMITY BP AMIN'NY FAMETRAHANA NY TETIKASA VOASAFIDY TEO ANIVON'NY TETIBOLA IFARIMBONANA
*(Suivi de la réalisation par le comité BP dans le cadre du processus Budget Participatif)*

| N° | Dary (Date) | TETIKASA (Projet) | Fanamarihana hita (Constats) | Soson-kevitra nomena (Recommandations) | Isan'ny Olona Nanatrika (Nombre participant présent) | Isan'ny Délégues Nanatrika (Nombre de Délégués présents) | | Fanatanterahana ny soson-kevitra (Exécution de la proposition) |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| | | | | | | L (H) | V (F) | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |
| | | | | | | | | |

## E. FITSIDIHANA *(Visites d'appui et de suivi au niveau de la commune)*

| FITSIDIHANA (Déscente) | | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| Daty (Date) | Antony (Objet) | Olona na vondron'olona nihaonana (Personne ou goupe visité) | Mery (Ce qui est Satisfaisant) | Tsara harenina (Ce qui nécessite des Améliorations) | Fanamarihana (Observation) |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |
| | | | | | |